**15.** Mba hijanona ho tsy eken'ny lalàna ny fanalan-jaza any Irlandy Avaratra, mba hanohitra ny fanovana ny lalàna ho amin'ny famelana malalaka ny fanalan-jaza eraky ny Royaume-Uni sy ny Repoblikan'ny Irlandy. Ny fanalan-jaza dia malalaka any Irlandy Avaratra raha ohatra ka tandindomin-doza ny fiainana ara-tsaina na ara-batan'ilay reny. Misaotra mivavaka ho an'ny mpitondra mba hitoetra amin'ny fahafoizan-tena amin'ny fiarovana ny zon'ny zaza vao ho teraka ho amin'ny fiainana izy ireo.

**16.** Mba hahery ireo vehivavy tratran'ny vohoka tsy niriana any Irlandy Avaratra, ka nisafidy ny hanala zaza. Maro amin'izy ireo no mankany Angletera mba hanala zaza. « *Fa Hianao no nahary ny voako; Namolavola ahy tao an-kibon-dreniko Hianao. Hidera Anao aho; fa mahatahotra sy mahatalanjona ny nanaovana ahy; Mahagaga ny asanao; Ary fantatry ny fanahiko marimarina izany* » (Salamo 139 : 13-14)

**17.** Ho an'ny vehivavy sy ny ankizy iharan'ny herisetran-tokantrano any Irlandy Avaratra. Ny pôlisy dia mamaly amin'ny antsona zava-dratsy mitranga isaky ny 18 minitra. Santionany kely monja amin'ny tena zava-misy rehetra izany. Mivavaha ho fikambanana izay manampy ny vehivavy, ary koa ho an'ny lalàna tsaratsara kokoa sy sazy mahery kokoa ho an'ny olo-meloka.

**18.** Ho an'ilay vokatra « *podcasts* » (horonantsary ao amin'ny aterineto) *vaovao izay manome ny fijoroana vavolombelona ataon'ny vehivavy Nôrvezianina manambara izay nataon'i Jesoa teo amin'ny fiainan'izy ireo, mba hampaherezana ny hafa mba hianatra hahafantatra an'Andriamanitra. « Ary Hagara nanao ny anaran'i Jehovah, Izay niteny taminy hoe: Hianao no Andriamanitra Izay mahita; fa hoy izy: Tsy teto va no mbola velona aho aorian'ny fahitana? Izany no nanaovana ny lavaka fantsakana hoe: *Bera-lahai-roy (**Hianao no Andriamanitra Izay Mahita*) » (Gen. 16 : 13-14)

**19.** Ho an'ny vehivavy Nôrvezianina izay miaina mandrakariva antina faneriterena ho tonga lafatra amin'ny sehatra rehetra : fianakaviana, asa, fahasalamana, bika, sns… Mivavaha mba hahita ny hasarobidiny eo imason'Andriamanitra izy ireo ary mba hiezaka hiaina ho Azy fa tsy ho an'ny fahafinaretan'izao tontolo izao.

**20.** Ho an'ny fahendrena sy ny fitarihan'Andriamanitra ho an'ny ekipan'ny « *Femmes d'Espoir* » (vehivavin'ny fanantenana) *ao amin'ny TWR any Pôrtugal, izay manampy any amin'ny fiangonana sy miresaka fanantenana amin'ny vehivavy voafitaky ny laingan'ny fahavalo. « tsy mitsahatra mivavaka sy mangataka ho anareo, mba hofenoina fahalalana tsara ny sitrapony ianareo amin'ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina rehetra avy amin'ny Fanahy.* » (Kol. 1 :9b)

**21.** Ho an'ny ekipan'ny « *Femmes d'Espoir* » *any* « *Espagne* » *izay mandefa ny fandaharam-bavaka ao amin'ny* « *Facebook* » *sy ny* « *Site Web* ». *Mivavaha ho an'ny* « *concert de prières* » izay hotanterahana ny 22 Septambra miaraka amin'i Peggy Banks.

**22.** Mba hampitao Andriamanitra ny amin'ny fanatontosana ny fandaharan'ny « *Femmes d'Espoir* » Vehivavin'ny Fanantenana amin'ny fiteny espaniôla

**23.** Mba hiharan'ny sazy sahaza azy ireo mpanao trafikana olombelona izay mampiasa hevi-dratsy feno fitaka manodidina ny toeram-pandraisana mpifindra monina sy Eropa atsimo andreseny lahatra ny olona hitaterany azy.

**24.** Mba ho maro ny vehivavy avy amin'ny firenen -tsamihafa izay hanatrika ny fihaonam-ben'ny « *Femmes d'Espoir* » ho an'ny Eropa sy ny firenena any CAMENA manomboka ny 25 hatramin'ny 28 Septambra no ho feno fanantenana.

**25.** Mba hahita ny tena maha-izy azy ao amin'i Kristy ny ankizy sy ny andolantsento ary ny tanora sy ny lehibe any Suède ka hahafantatra izay antom-pisiany avy. Maherin'ny avo 2 henin'ny ankizy sy ny tanora voan'ny aretin-tsaina tamin'ny 10 taona lasa no iharan'izany ankehitriny vokatry ny tebiteby maro sy ny fahakiviana tanteraka.

**26.** Mba ho maro ny olona hahita ny lalana mankany amin'ny toeram-pivavahana iraisam-pirenena any « *Malmo* » *any* « *Suède* » *ka handray ny Fitiavan'Andriamanitra, sy ny famindram-pony ary ny fanantenany.* « *Malmo* » dia manana firenena 177. Maro ny fikambanana miforona izay mivoy herisetra sy vono olona.

**27.** Mba hanome ny heriny amin'ny tenan'i Kristy any « *Suède* » *ny Fanahy Masina mba ho tena fanazavana sy ho fanasin'ny firenena. « Hianareo no fahazavan'izao tontolo izao. Tsy azo afenina izay tanàna miorina eo an-tampon-tendrombohitra. Ary koa, tsy misy olona mandrehitra jiro ka mametraka azy ao ambanin'ny vata famarana, fa apetrany eo amin'ny fanaovan-jiro, ka dia mazava amin'izay rehetra ao an-trano izany. Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra.* » (Mat. 5 : 14-16)

**28.** Ho an'ny vehivavy any Suisse, izay tany mamela malalaka ny fiasan'ny « *industrie sexuelle* » na dia mbola voarara aza ny varotra olona sy ny fanandevozana ary ny fitrandrahana ny fivarotan-tena

**29.** Ho an'ny fiarovana ny tanora sy ny vahiny any « *Pays-Bas* » manoloana ny varotra olona ho amin'ny fivarotan-tena. Mivavaha mba ho sahy hanambara sy hamboraka izany faharatsiana rehetra izany ny olona satria tena manimba fiainan'olona maro izany.

**30.** Ho an'ny vehivavy sy ny ankizy any « *Royaume Uni* » miaina ao anatin'ny herisetra ao an-tonkantrano, ny fanolanana sy ny fanararaotana ara-nofo, ny vady atolotra, ny herisetra mifandray amin'ny fanarenana ny mahaolona, ny fanondranana olona an-tsokosoko sy ny endri-panandevozana vaovao ary ny fivarotan-tena.

TWR Femmes d'Espoir, ministera iray ao amin'ny Trans World Radio (TWR) mitondra ny fanantenana ao amin'i Jesoa ho an'ny vehivavy manerana izao tontolo izao ho an'ny taranaka rehetra.

twr Femmes d'Espoir

## Mivavaka ho an'ny vehivavy any Eorôpa Andrefana sy Atsimo ary Avaratra

(Ôtrisy, Danimarka, Nosy Ferôe, Groenlandy, Fenland, Frantsa, Alemana, Gresy, "Pays-Bas", Nôrvezy, Pôrtigala, Esipana, "Suède", Soisa, "Royaume-Uni").



Fandaharam-bavaka
Septambra 2018 / September 2018

*Malagasy*

Mitombo hatrany ny isan'ny fanolanana sy trangana herisetra any an-tokantrano ary ny fanararaotana any amin'ny toeram-piasana. Na dia any Eorôpa Andrefana sy Atsimo sy any amin'ireo firenena tavaratra aza, izay efa ampiharina anatin'ny fitaizana sy ny tontolon'ny asa ny fitovian-joan'ny lahy sy ny vavy, dia mbola marobe ihany ny vehivavy sy ny ankizivavy izay mbola hiharan'ny herisetra am-bava, ara-pihetsempo, na ara-batana any an-tokantranony, any an-tsekoly, na any amin'ny toeram-piasana. Maro ireo maneho hevitra sy milaza hoe « *aoka izay, ampy* »

Tamin'ny ôktôbra 2017 dia nanoratra toy izao tao amin'ny tambazotran-tserasera Tweeter ilay mpilalao sarimihetsika Alyssa Milano : « *Raha mijaly noho ny fanararaotana ara-nofo ianareo, dia manorata valin'ity hoe : « Moi aussi ! » (« Izaho koa ! »)* ». Vehivavy miisa an-tapitrisany maro no namaly tao anatin'ny roa andro. Sahy nanambara sy nilaza ny vehivavy maro hoe nararaotin'ny mpampiasany, na ny lehibeny, na ny mpiara-miasa aminy, na olonkafa. Voaresaka ihany ny fanararaotana ara-nofo nony farany ary nangatahana mba hohelohina ireo meloka. Nefa taloha dia nolazaina tamin'ireo vehivavy ireo hoe « *tsy hisy olona hino ny filazanareo* », na hoe « *fahadisoanareo izany* ». Tsapan'izy ireo ihany izao hoe tsy irery izy. Ireny fanararaotana mahatsiravina ireny dia tsy mitranga amin'ny vehivavy mahantra na ireo vehivavy adino any amin'ny fialofan'ny mpitsoa-ponenana fotsiny ihany, fa amin'ny vehivavy malaza ihany koa. Mitombo isa ny vehivavy manomboka mino fa tsy zavatra mahamenatra tokony afenina ny hafa intsony ity toe-javatra ity.

Mbola maro loatra ireo vehivavy miaina any Eorôpa izay mino hoe tsy mahataitra ny olona ny fijalian'izy ireo momba ny fanararaotana iainany any an-tokantranony na any amin'ny toeram-piasany rehefa rahonan'ny olona izy ireo hoe ho very asa. Ireo vehivavy mpitsoa-ponenana sy mpifindra monina any Eorôpa izay nitsoaka ny fampijaliana sy ny ady ary ny herisetran'ny fianakaviany dia mbola hiharan'ny herisetra hatrany ary maro no lasa « *victimes* »-an'ny tambazotram-pivarotan'olona.

Ny fivarotan-tena dia ara-dalàna any amin'ny firenena maro any Eorôpa ary ny ankamaroan'ny vehivavy izay voatery mivarotena dia vahiny. Misy firenena sasany efa lasa manameloka ny fanararaotana momba ny filàna ara-nofo na ny fandoavambola momba izany, ary manamafy fa fihetsika maneho herisetra amin'ny vehivavy izany.

Mivavaha miaraka aminay mba hitombo ny hetsika hahafahana mamerina amin'ireo vehivavy hiharan'ny herisetra any Eorôpa ny fahamendrehany sy ny fanantenany ho avy tsara kokoa.

## Misaotra anao mivavaka…

**1.** Mba hanao ireto zavatra ireto ny mpitondra Eorôpeana : 1. Hampivaotra ny sazin'ny lehilahy feno herisetra mba hampihena ny vehivavy sy ny ankizy hiharan'ny herisetra any an-tokantrano ; 2. Hanomana fikarakarana sy trano fialofana maro kokoa ho an'izay hiharan'ny herisetra.

**2.** Ho an'ireo vehivavy izay manana fifandraisana amin'ireo mpitsoaponenana sy mpifindra monina any Ôtrisy kanefa ny olona sasany dia manohitra ireo mpifindra monina izay tsy tafiditra amin'ny kolotsaina ôtrisianina. Mivavaha ho an'ilay fihaonana antampony « *sommet informel » hatao ny 20 septambra izay hiresahan'ny filoham-panjakana maro momba ny fifindramonina tsy ara-dalàna sy ny fandriampahalemana ao anatin'ny Vondrona Eorôpeana* ».

**3.** Ho an'ny fifohazam-pon'ny mponina any Danemark. Lasa miha-manalavitra ny zava-panahy ny firenena. Mivavaha ho an'ny faharetan'ny mariazy sy ny tokantrano kristianina ao anatin'ny fanaporetana sy ny faneriterena amin'ny lafiny maro.

**4.** Mba hiantso olona Andriamanitra mba handika ny fandaharam-vavaka isam-bolana ho amin'ny fiteny any amin'ny Nosy Ferôe. « *Be ny vokatra, fa ny mpiasa no vitsy; koa amin'izany mangataha amin'ny Tompon'ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra.* » (Matio 9 : 38)

**5.** Mba hiaro ny vehivavy izay mety ho « *victimes* »-*an'ny fanararaotana ara-nofo sy ara-pananahana ny manampahefana any Grôenland. Mivavaha mba hanaja ireo zanakivavy sy ny vehivavy hafa ny lehilahy. Mivavaha koa ho an'ny olona any Groenland mba ho afaka amin'ny toaka sy ny zava-mahadomelina « hashish » izay maro any izy ireo. « Andriamanitro ô, afaho amin'ny tanan'ny ratsy fanahy aho, dia amin'ny tanan'ny mpanao meloka sy ny lozabe ! »* (Salamo 71 : 4)

**6.** Ho an'ny vehivavy ao anatin'ny sokajim-bavaky ny « *Femmes d'Espoir* » (Vehivavin'ny Fanantenana) *miisa 101 any Finlande. Mivavaha ho an'ny fanasan'izy ireo ny vehivavy hafa mba ho avy hanatevin-daharana azy ireo ao anatin'ny vondrona, mivavaha koa ho an'ny ezaka ataony mba hanangonam-bola ho fanohanana ny fandaharan'ny « Femme d'Espoir »* (Vehivavin'ny Fanantenana) any amin'ny firenen-kafa.

**7.** Mba hahita ny « *équilibre* » amin'ny asany sy ny fiainan-tokantranony ny vehivavy any Finlande, mba hahafahany mamaly ny filàny sy ny filàn'ireo zanany eo amin'ny lafiny ara-pihetsempo sy ara-panahy ary ara-batana. Ny hahavolentan'ny fampianarana sy ny ara-teknôlojia dia tsy afaka mameno ny banga izay tsapan'ny ankizy rehefa tsy mahazo ny fampianarana ara-baiboly izay ilainy izy ireo.

**8.** Ho an'ny mpandika tenin'ny Femme d'Espoir TWR izay monina any Frantsa, izay mandika ny fandaharam-bavaka amin'ny teny frantsay ho an'ny mpiara-mivavaka any Eorôpa, aty Afrika ary any Amerika. Mivavaha mba hitombo isa ny vehivavy any Frantsa hiara-hivavaka amintsika.

**9.** Mba handre ny tantaran'ny teatra amin'ny radiô izay miresaka ny Fitiavan'Andriamanitra Ilay manova fiainana ny vehivavy any Alemana. Ny Alemana dia manana ny lalàna momba ny fivarotan-tena tena malalaka indrindra. Mivavaha mba hiarovan'Andriamanitra ny kristianina izay manampy ny vehivavy voagejan'izany fomba fiaina izany.

**10.** Ho an'ireo olona an-tapitrisany any Alemana izay mitady toeram-pialofana any amin'ny firenen-kafa any Eorôpa. Ny ankamaroan'izy ireo dia avy amin'ny firenena silamo. Mivavaha ho an'ny vehivavy silamo mba ho fantatr'izy ireo fa sarobidy eo imason'Andriamanitra izy ireo ary mba haneken'izy ireo handray an'i Jesoa Kristy.

**11.** Ho an'ny vehivavy tsy manambady any Alemana izay sahirana amin'ny andraikitr'izy ireo amin'ny asany sady mikarakara ny zanany. Mivavaha mba hanoro hevitra ny reny ny fiangonana ary koa mba ho toerana azo antoka ho an'ny ankizy ny fiangonana. « *Alaharo ny tenin'ny mahantra sy ny kamboty; omeo rariny ny ory sy ny malahelo; vonjeo ny mahantra sy ny malahelo; afaho amin'ny tanan'ny ratsy fanahy izy.* » (Salamo 82 : 3-4)

**12.** Mba ho tonga saina ny amin'ny fanalan-jaza sy ny vokadratsiny ny tovovavy, sy ny amin'ny tombontsoa avy amin'ny fifehezan-tena tsy hanao firaisana ara-nofo, mba hahatsapa ny fitiavan'Andriamanira izy ireo sy ny zanany. Fanalan-jaza 150 000 no voaisa isan-taona any Grèce, ka ny 25% dia mihatra amin'ny ankizivavy latsaky ny 16 taona.

**13.** Ho an'ny krizin'ny mpitsoa-ponenana any Grèce, izay miisa an-tapitrisany maro ny mpifindra monina sy mpitsoa-ponenana no tonga tany tamin'ny taona 2015 sy 2016, ka mihoatra ny 45 000 no voailika. Mivavaha ho an'ny mpitsoa-ponenana izay mahazo fanampiana ara-pitaovana, sy ara-pihetsemp ary ara-panahy.

**14.** Mba ho maro ny vehivavy ho voatahy sy ho feno ny fanantenana an'i Jesoa mandritry ny fivoriamben'ny vehivavy any Norvezy ny 14 ka hatramin'ny 16 septambra. Mivavaha mba hihamaro an'isa ny vehivavy miasa ho an'ny ministeram-bavaky ny Femmes d'Espoir (Vehivavin'ny Fanantenana) ao amin'ny TWR. « *Koa satria Isika manana Mpisoronabe lehibe, Izay lasa namaky ny lanitra, dia Jesosy, Zanak'Andriamanitra, aoka isika hihazona ilay efa nekentsika.* » (Hebrefo 4 : 14)

**TWR Women of Hope** • P O Box 4232, Kempton Park, 1620 • +27 11 974 2886 • info@twrwomenofhopeafrica.org